Mpanao gazety ampiasain'ny mpitondra
Ankasitrahana amin'ny propagandy maimaimpoana ho an'ny kandidan-dRavalo 2

Faminaniana sy fanambarana 5
ho an'izao tontolo izao (GV 151),
Madagasikara 12 septambra 2019


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Sabotsy 14 septambra 2019 Laharana 953 Vidiny : 400 Ar


Filoha Ravalomanana 2

# Tanora sahy
## Randriamasinoro Tahiry Ny Rina



Oniversite 7

# Ampisavorovoroin' ny fitondrana



GUY RIVO RANDRIANARISOA 2

## Mila olona mijoro sy mitana ny teny nomeny Antsirabe



Tsy fandriampahalemana 6
Jiolahy 5 tratra niaraka tamin'ny basy vita gasy, bala, sy pince lehibe

Boriboritany faha-5 (CUA) 4
Nahazo lalankely atao rarivato ihany koa ny fokontany Anjanahary II- 0

Fianakaviana 52 may trano teny Anosibe 5
Notoloran'ny CUA sy ny PSHP « kit de vivre, kit scolaire , ary kit de santé »



Daka kely
Fa nankaiza ny tanora ry Boaikely a !

Randrianaina Odon Marius 6
Voatendry ho Seketera jeneralin'ny Vaomieran'ny kitra misahana ny tanora



FILOHA RAVALOMANANA

# Tanora sahy Randriamasinoro Tahiry Ny Rina

Manoloana ny fahavitan'ny fandrotsahana antontan-taratasy firotsahan-kofidiana ho an'ny kandidà ben'ny tanàna sy mpanolotsaina monisipaly sy kaominaly, ny talata hariva teo. Misy ny fanambarana nataon'ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), sady filohan'ny RMDM, na Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara: Antananarivo, tsy maintsy mijoro isika, ary tsy maintsy mifanome tanana amin'ny fanarenana sy ny fampandehanana ny tanànantsika. Samy tompon-tanàna avokoa sy tompon'andraikitra amin'Antananarivo isika rehetra miaina sy monina eto. Samy maniry ny tsara ho an'ny tanànantsika. Faly aho, manolotra ny kandida Ben'ny Tanàna avy amin'i Tiako i Madagasikara: Randriamasinoro Tahiry Ny Rina. Tanora, vonona sy sahy hiantsoroka izany andraikitra izany. Manana traikefa amin'ny fitantanana ny tanàna, efa nahita ny tao anatiny ary tsy miraviravy tanana manoloana ny fahasarotana isan-karazany amin'ny lafiny maro: ny sahoa, ny resabe, ireo misintona midina, ireo mitia an'Antananarivo amin'ny vava fotsiny ihany fa tsy mifanome tanana. Tsy fifaninanana amin'olona na antoko ny an'i Tiako i Madagasikara, manolotra an'i Randriamasinoro Tahiry Ny Rina ho ben'ny Tanàna, fa finiavana hatrany ho an'ny tanànantsika sy fitiavana ny tanànantsika. Fahavononana hatrany hitondra anjara biriky ho fampandrosoana, na ho mora na ho sarotra.



*Ny Filoha Marc Ravalomanana sy ny kandidà ben'ny tanànan'Antananarivo, Randriamasinoro Tahiry Ny Rina.*

***Nangonin'i Helisoa***

Mpanao gazety ampiasain'ny mpitondra

# Ankasitrahana amin'ny fanaovana propagandy maimaimpoana ho an'ny Filoha Ravalomanana sy ny kandidàny

Ny Alakamisy 12 Septambra2019, andro farany tamin'ny fametrahana filatsahan-kofidiana ho ben'ny tanàna sy mpanolotsainan'ny tanàna dia maro ireo mpanao gazety nanangampeo, ireo ampiasain'ny fitondrana, nanao angaredona nanenjika ny Filoha Marc Ravalomanana, izay tsikaritra avy hatrany fa tsy hery fa tahotra ny azy ireo. Nahatsikaiky fa dia navoaka teo amin'ny takila voalohany ny sarin'i Dada, tsy ilaina ny famaliana ireo tsikera tsy mitombina nivoaka, fa ny mahafaly aloha dia efa zava-dehibe ny fitanisan'ireny namana ireny ny anaran'ny Filoha Ravalomanana, ny fahitan'ny maro sy ny mpandinika azy dia ireny no atao hoe propagandy maimaimpoana nataon' izy ireo ho an'ny filoha nasionalin'ny TIM sy ny RMDM. Efa iaraha-mahalala fa tsy nirotsaka ny Filoha Ravalomanana, nisento kely indray ireo matahotra azy, ka ny kandida Randriamasinoro Tahiry Ny Rina indray no namatraran'ireo namana mpanao gazety mahafatrapo ny vavabeny. Iza no tsy mahatadidy ny vavan'ireo mpanenjika izay mitanisa ny hoe : f'angaha tsy misy olona hafa-tsy Maitre Hanitra, Guy Rivo, Olga Ramalason, na ny vadin'ny Filoha Ravalomanana, na ny zanany ao e ! izao manendry teknisiana tanora ny Antoko Tim dia lazaina fa olona tsy misy mpahalala hono ilay voatendry. Mbola tsy fotoanan'ny fampielezankevitra izao kanefa, dia ankasitrahana mialoha ireo namana mpanao gazety manampy amin'ny firesahana ny Kandida Randriamasinoro, mety ny nataonareo na dia tsy nomena « felaka » aza ianareo, ary antenaina fa hitombo andalana toy ny dian'andriana ny fandraisanareo anjara amin'ny fivoizana ity tanora ho avin'Iarivo ity, mankasitraka e !

***Ny Valosoa***

Guy Rivo Randrianarisoa

# Mila olona mijoro sy mitana ny teny nomeny Antsirabe

Tafapetraka teo anivon'ny Ovec Antsirabe voalohany ny antontan-taratasy maha kandidan'ny antoko Tiako i Madagasikara an'i Guy Rivo Randrianarisoa. Izy no kandida faha 3 nahatafapetraka ny antontan-taratasiny ny talata tolakandro tao Antsirabe. Nambarany fa efa vonona amin'ny fanarenana ny tanànan'Antsirabe izy sy ireo ekipa miaraka aminy. Nambarany fa mila olona mijoro sy mitana ny teny nataony ary vonona hiasa ho an'ny vahoaka no ilain'Antsirabe, ka afaka mamaly izany ny antoko Tiako i Madagasikara, izany no antony nilatsahany. Vonona izy ireo hametraka tanàna milamina, ary hanangana sy hampandroso izy miaraka amin'ny Antoko Tiako i Madagasikara. Nambarany fa isan'ny nanahirana azy ireo ny fiovan'ny fitakian'ny tany amin'ny tahirim-bolam-panjakana taratasy hafa rehefa tonga tany izy ireo, ka isan'ny somary nahatara ny fametrahana ny antontan-taratasy, saingy ny tara ihany hoy izy no tsy mety. Mikasika ny fahapotehan'ny tanàna dia nambarany fa zavatra efatra no ilain'ny vahoaka dia ny tanàna madio, tanàna milamina, tanàna manana ny maha izy azy dia ny rano sy ny fahafahana mivezivezy ara-dalàna amin' ny lalana. Ankoatra izay, na tsy nambarany nivantana aza dia isan'ny fitaovana ilaina maika ny fitaovana famonjena voina. Mikasika ny karaman'ny mpiasa tsy voaloa, nambarany fa tsy hampanantena ny handoavana izany avy hatrany ny tenany saingy tsy ho tapaka kosa ny karaman'ny mpiasa ao anatin'ny 6 volana dia ho voaloa ireo trosa ireo amin'ny alalan'ny fitantanana madio sy mangarahara izay hapetrany. Marihina fa hatramin'ny ora nandalovana tany amin' ny Ovec dia vao kandida 3 no fantatra dia ny natolotry ny AMI, ny Hasin'Antsirabe ary ny TIM. Taorian'izay vao tonga ny IRD sy ny lehiben'ny faritra teo aloha, Andriamatoa Mandrindra Andrianjanaka ary Ralison Andriamandranto. Misy amin' ireo kandida no tsy nanolotra lisitra mpanolotsaina ihany koa.

***Lezama***

Maurice Rakotomandevy

# Vonona hampandroso ny kaominina Soavina ny Antoko Tim

Mpamboly avokoa ny 87% ny mponina ao amin'ny Kaominina Soavina Distrikan'Antananarivo Atsimondrano. Ny famahana ny hetahetambahoaka amin'ny alalan'ny fampivoarana ny tontolon'ny fambolena sy ny fiompiana, ny fijerena ny Sosialim-bahoaka, ny fanatsarana ny lalana, ny fametrahana ny fandriampahalemana ary ny fampidirana jiro sy rano fisotro madio any amin'ny Kaominina Soavina no tetik'asa efa nomanin'Andriamatoa Maurice Rakotomandevy sy ny mpiaramiasa aminy, hoentina hampandrosoana ny Kaominina Soavina. Andriamatoa Maurice Rakotomandevy irery ihany no Kandida ho Ben'ny tanàna mirotsaka amin'ny anaran'ny Antoko Tim any amin'ny Kaominina Soavina, nahazo alalana avy amin'ny Filoha Marc Ravalomanana.

***Franck Razakambelo***



*Andriamatoa Maurice Kandidan'ny Antoko Tim ao amin'ny Kaominina Soavina Distrikan'ny Atsimondrano.*

*Ny Valosoa sy fakafaka*

# Mila mailo amin'ny politika manodoka famitahana vahoakan'ny mpitondra

Manao politikan'ny famitahana saim-bahoaka amin'ny seho ivelany hatrany ny antoko Ird. Politikan'ny seho ivelany tsy mitondra mankaiza fa mandrorona fotsiny ny fampandrosoam-pirenena. Efa fanaon'ny fitondrana Rajoelina hatrany amin'ny tetezamita io ary mbola tohizany mandraka ity ny androany. Niaraha-naheno tsara ny tenin-dRajaonarimampianina izay nilaza firenena potika no noraisiny. Tsy nisy ny fandrosoana ara-toekarena na teo aza ireo nambara fa asa vita. Toy izany koa ny teo amin'ny lafiny sosialy izay nampahory vahoaka ny fiakaran'ny vidim-piainana. Tsy tokony ho hadinoina velively, fa ny olon-dRajoelina izay napetrany hitantana ny tanànan'Antananarivo tao anaty tetezamita no anisany nampiakatra ny vidim-piainana teto an-drenivohitra sy ny manodidina. Tsy azo adinoina fa Rajoelina sy ny Pds-n'Antananarivo napetrany no nifanaraka tamin'ny mpitatitra tamin'ny fampiakarana ny saran-dalana, ka nampihitsoka ny fiainam-bahoaka tao anaty fahantrana bebe kokoa. Niaraha-nahalala, fa niha-mafy ny fiainana teto an-drenivohitra hatramin'ny niafaran'ny andron'ny tetezamita sy ny tompon'andraikitry ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo napetrany teo. Izany ny olona napetrak' i Rajoelina teo amin'ny kaomina Antananarivo renivohitra, dia tsy nahatsara ny fiainam-bahoaka. Mety nisy angamba ny asa vitany teto, fa izany tsy nisy fiantraikany teo amin'ny fiainam-bahoaka, indrindra tany amin'ny kitapom-bolan'ny isan-tokantranony sy ny ati-vilaniny ary ny eny ambony viliany. Tetsy ankilan'izany rehetra izany, vao mainka nikorosy fahana ny toe-tsaina mitandro ny maha olom-pirenena. Tsy nisy afitsoka tamin'ny vahaolana momba izany izy ireo.

Miseho na miverina indray ity ny fanolorany olona ho kandidà ben'ny tanànan'Antananarivo renivohitra izay lokoina fatratra amin'ny endrika manodoka, ilay politikan'ny seho ivelany fanaony hatramin'izay. Olona izay misafidy ny tenany tsy hijanona ho Malagasy ranoray raha I Naina Andriantsitohaina. Olona izay anisan'ireo mpanefoefo vitsy an'isa tsy miray "lamba" amin'ny valalabemandry miaina lalina ao anaty fahantrana. Mety ho marina mety ho tsia, olom-baovao amin'ny resaka politika angamba, fa tsy olom-baovao amin'ny resaka fangoronan-karena eto amin'ity firenena ity. Ambaran'ireo mpanohana azy rahateo ny amin'ny fananany orinasa marorantsana eto. Inona no fiantraikan'izany tamin'ny vahoaka sy ny firenena? Tsy hita be ihany ny amin'izany. Niharihary ihany koa fa ireo vitsy an'isa mpanefoefo, mpangoron-karena eto amin'ny firenena, dia tsy hita mazava izay nifotorany amin'ny fampandrosoana ny firenena sy ho amin'ny fanondrotana ny fari-piainan'ny vahoaka. Ny tsapa dia niandry fotsiny ihany izay ho fihetsiky ny fitondrana na niara-nanao salobo-komana taminy no nataon'izy ireo. Misarika ny saina izany hieritreritra fa ho politikan'ny seho ivelany indray no hanaovana angoan-tenda ato ho ato. Politika mamitaka maso fotsiny, fa tsy mitondra soa amin'ny fiainam-bahoaka. Niarahan'ny vahoakan'Antananarivo nahalala izany ary tsy ho sodoka velively izy.

***Sôh'son***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Lasa Papa Fransoà : adinon'ny politisiana gasy sahady ny hafatra

Tsy misy mahalala ny ao am-po tsy miloaka tokoa fa toa samy nanambara ny politisiana gasy nialohan'ny nahatongavan'ny Papa Fransoà teto, fa hiato kely aloha ny fifanasana vangy ara-politika mandritra ny fitsidihana. Niaraha-niaina anefa fa mbola teto na mbola teto an-toerana aza iny raiaman-dreny ara-panahy iny dia efa nisy nanenjika ny andaniny ny ankilany. Ohatra amin'izany ny tsy nandehanan-dRavalomanana Marc teny lavoloha fa teny Andohalo vao nandeha ary tena sahiran-tsaina mihitsy ny olona sasany tamin'ny nanoloran'ny Ben'ny tanàna, Ravalomanana Lalao, ho an'ny Papa ny fanalahidin'ny tanàna. Tsy tazana teny Ivato ihany koa, hono, izy mivady ireto sy ny Ben'ny tanàna eny antoerana izay vavahady fidirana eto Madagasikara. Ny tsikaritra dia toa tsy mba nanao fanadihadiana ny olona vao manao ireny fanakianana ireny satria misy arofenitra mikarakara ny fandraisana, ka nahatsiaro ny rehetra ny zava-nitranga teny Mahamasina tamin'ny fetin'ny fahaleovantena. Ny Ben'ny tanàna no mandray ny filohan'ny Repoblika amin'ireny fotoana ireny kanefa dia tsy noraharahiana izany na dia azo lazaina fa kely indrindra eo amin'ny resaka arofenitra aza. Fandraisana ara-pomba fifanajana no natao teny lavoloha, ka raha arofenitra ihany dia ny Ben'ny tanàna no nanokatra ny kabary kanefa matoa tsy izay no nitranga dia tsy nahazo fanasana izany izy matoa tsy tonga teny ihany koa. Mahafantatra ireny pitsopitsony ireny ny Papa satria manana ny laharan'ny Filoham-pirenena ihany koa. Ankoatry ny fahafantarany tsara ny zava-misy eto amin'ity Firenena ity eo amin'ny sehatra rehetra dia azo heverina fa antony iray nampitany ny hafatra ny tsy hisian'ny "fanilikilihana" ny nahitany izany lesoka izany. Andaniny koa dia tsy misy olona na antoko afaka mihambo fa hahavita hampandroso ity Firenena ity irery, fa tsy maintsy miara-mientana ny rehetra vao afaka miroso (développement inclusif et participatif) . Mbola teto aza ny Papa dia efa izany no nitranga, ka tsy mahagaga loatra raha miverina amin'ny ady saritaka ara-politika indray ny gasy raha vao nisidina nankany Roma izy. Fotoanan'ny fanomanana ny fifidianana ben'ny tanàna sy fifidianana kaominaly koa izao, ka efa samy nanao tombatombana ny mpanara-baovao politika momba izay mety ho kandidà eto an-drenivohitra. Nanolotra ny filohan'ny antoko TIM sady filohan'ny mpanohitra, Ravalomanana Marc, ho kandidà ben'ny tanàna ny vovonan'ny mpanohitra ka samy nanana ny heviny ny politisiana. Ny mpomba ny fitondrana moa dia nanaratsy satria sady efa antitra, hono, Ravalomanana Marc, no efatra taona izay izy sy ny Ben'ny tanàna vadiny no teo kanefa tsy nisy zava-bitany, ka vao mainka, hono, ho potika noho izao ny tanàna raha lany eo izy. Angamba tsy mbola teraka ireny mpanenjika ireny tamin'ny fotoana naha ben'ny tanàna an-dRavalomanana Marc, na jamban-javatra hafa ka tsy nahita ny fivoarana nisy teto raha tsy hitanisa ankoatry ny eny Anosibe (lâlana sy tsena), ny Boulevard de l'Europe,... ka ny filohan'ny Repoblika frantsay, Jacques Chirac, mihitsy no tonga teto nitokana ireo. Matoa misy ny gaboraraka, mpivarotra eny ampovoan'ny arabe, fiara miantsona eny amin'ny trôtoara, sns... amin'izao fotoana izao dia nateraky ny fanjakan'ny baroa taorian'ny fanonganam-panjakana notarihan'i Andry Rajoelina ny taona 2009 izany. Tsy voafehy intsony ny olona very asa ary tsy nisy intsony ny fanajana ny lalàna velona, fa samy manao izay tiany atao. Tsy eto an-drenivohitra ihany anefa no misy izao toe-javatra izao fa hatrany amin'ny faritra rehetra. Vao nahita na nandre indray anefa fa tsy Ravalomanana Marc no kandidà natolotry ny TIM fa tanora, ny Sekretera Jeneralin'ny Fiadidiana ny tanànan'Antananarivo, dia nanambara indray ny mpanenjika fa angaha tsy misy olona mihitsy ao amin'ity antoko ity no olona tsy fantatra no natolotra. Matahotra ny tsy ho lany indray, hono, Ravalomanana Marc, ka naleony nanolotra olon-kafa. Na izany na tsy izany dia raha mbola tsy manana ny fahefana amin'ny maha tomponandraikitra voalohany (premier magistrat) ny renivohitra ny ben'ny tanàna fa salovanin'ny fahefana mpanantanteraka avokoa ny andraikiny rehetra dia tsy hisy zava-banona eto. Taratry ny fahantrana ny mpivarotra manerana ny tanàna sy ny fahitana olona maro sy fiara maro mifamezivezy amin'ny fotoana fianarana sy ora fiasana satria ao amin'ny firenena mahantra no misy izany, fa any amin'ny firenena mandroso dia zara raha mahita fiara sy olona eny an-dàlana amin'ireo fotoana ireo. Araka izany dia anjaran'ny tsirairay no hisafidy izay heveriny hahafehy ny mponina mba hanara-dalàna tsy hijerena tavan'olona na antoko politika, fa fahaizana manavaka ny tsara sy ny ratsy satria ny hazo ihany no hahafantarana ny voany. Izay miaraka amin'amboalambo dia tsy maintsy amboalambo.

*Andry Tsiavalona*

### NY TENY FIAINANA



*Isaia 18:3*

*Ry mponina rehetra amin'izao tontolo izao sy mpitoetra ety ambonin'ny tany! Raha misy faneva atsangana eo an-tampon-tendrombohitra, dia mijere ianareo, ary raha misy anjomara tsofina, dia mihainoa.*

facebook NY VALOSOA

## Ny fahitan'ny mpanao facebook ny kandidàn'ny TIM, Randriamasinoro Tahiry Ny Rina

**Arp Helisoa :** Randriamasinoro Tahiry Ny Riana no kandida hitondra ny fanevan'ny antoko TIM eto Antananarivo Renivohitra . Tanora sahy, mahavita ary manana fahavononana.

**Rijamanitra Ranaivoson :** vonona hanohana anao hatramin'ny farany aho ry namako. Vitan'la letsy io a! Sitraka Razafindrakoto : ovay oa le tanora vonona fa TGV= Tanora gasy vonona, ilay tanora sahy sy mahavita ny antsika e, mankasitraka sy manohana.

**Christelle An'dr :** tena mety ... alefaaa Rina a!

**Haja Randrianarisoa :** tena voan'ny contre pied lay Mapar/IRD, tsy aleo nandrotrsaka an'i Augustin Andriamananoro ?

**Vola Hari :** vonona izahay anohana anao RTNR.

**Juliette Ranaivoarisoa :** dada ve zany tsy mirotsaka, tena manao politika ny Filoha Ravalomanana!

**Juliette Ranaivoarisoa :** sao de tsy hain'ny olona io e ! Ny dikany, mila mafy ny comm fampahafantarana azy. Sambatra Finaritra : tsy fantatro io ranamana io, mila ezaka be noho izany ny fampahafantarana azy.

**Dina Toky Niaina Iaritiana :** mirary soa ho anao!

**Bijouterie Naina :** avelao ho olombao2 toy izao, fa rehefa Tim mahavit azy io de zay e! ka io foana no mampipararetr ny sasany eo ! Mipararetra ny IRD/TGV/MAPAR amin'izao satria sady beau gosse, no mahay, no mahavita, no tanora ny kandidàn'ny TIM, Alefa Rina a!

**Ramaroson Andria'Njaka** : tratry ny feinte indray ny MAPAR/IRD t@ora farany, merci Prezidà Marc Ravalomanana, mitohy ny asantsika eto Antananarivo, io dia ampy hahazoana ny lapan'ny tanàna.

**ANTANANARIVO RENIVOHITRA**

# Fantaro ny kandidà Randriamasinoro Tahiry Ny Rina



*Ny kandidà Randriamasinoro Tahiry Ny Rina, kandidàn'ny TIM eto Antananarivo.*

Tsy nampoizina ny kandidà ben'ny tanàna natolotry ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) hifaninana eto amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Tamin'ny minitra farany ny alakamisy hariva teo vao fantatra, fa Randriamasinoro Tahiry Ny Rina, no kandidà natolotry ny Filoha Marc Ravalomanana sy ny ekipany. Iza moa Randriamasinoro Tahiry Ny Rina? Kandidà mbola ao anatin'ny fahatanorana tsara izy, 36 taona ny kandida Randriamasinoro Tahiry Ny Rina. Manambady ary niteraka roa (2). Ny mari-pahaizana ananany : -Manana diplaoma Master II in finance, spécialité contrôleur de gestion. Manana diplaoma Hautes Etudes en Administration Financière tao amin'ny ENAM teto Madagasikara. Nanomboka ny taona 2007 ka hatramin' ny mey 2016 izy dia "Responsable financier des projets de développement", na tompon'andraikitra ara-bolan'ny tetikasa momba ny fampandrosoana izay vatsian'ny Banky iraisam-pirenena vola. Ny jona 2016 ka hatramin'ny mey 2019, tale nisahana ny fitantanambola na "Directeur administratif et financier" (DAF) tao amin'ny CUA . Ny volana mey 2019 ka hatramin'izao, izy no sekretera jeneralin'ny fiadidiana ny renivohitra.

*Isambilo*

### TONONKALO

## Tsy mahataitra ny hifidy !

Toa tsy mahataitra intsony izany hoe handeha hifidy,
Na dia eo ny fanentanana hoe izany dia adidy.
Tena tsy mazoto intsony ny vahoaka tato ho ato,
Fa toa fandaniam-potoana izany hoe handatsa-bato.

Ny komitim-pifidianana toa tsy mahafehy ny asany.
Be dia be ny tsy tomombana , raha todihana ny lasany.
Toa fialana bala hatrany ny an'ireo mpikarakara,
Fa tsy iainany mihitsy izany hoe "mangarahara".

Ireo mpitsara koa , indrisy , ireny ve no ho modely ?
Izy indray no toa fikitra lasa tia mampiady angely !
Misy ve ny fahafahany , feno ve ny fahefâny,
Fa toa ny fitanilâny no mibaribary hatrany !

Ny mpitondra moa dia efa tsy tenenina intsony:
(Ganagana milomano ka manao ny sitrapony !)
Tena tsisy fiovana mety mbola andrasana aminy,
Fa dia tena hoe poakaty ny asa sy ny rindran-daminy !

... Fa ny vokany no lalina , mampisento , mampitsetra:
Sady tena tsy marisika no tsy faly ny rehetra.
Ny antony dia tsotra ihany : very ny fahamarinana,
Fa ny fifidianana eto , anjakan'ny hamaizinana !

*DADAN'i ZINA (13-09-19)*

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fananterana ny antontan-taratasin'ny kandidan'ny TIM ho ben'ny tanànan' Antananarivo, Rina Andriamasinoro teny amin'ny Ovec Nanisàna.**










**BORIBORITANY FAHA-5 (CUA)**

## Nahazo lalankely atao rarivato ihany koa ny fokontany Anjanahary II- 0

Mitohy hatrany ny fijerena ifotony ireo mponina tanterahin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Lalankely mirefy manodidina ny 20 m eo ho eo no an-dalam-panamboarana ankehitriny eny Anjanahary II O. Lalana ifamezivezen'ny mponina maro ity amboarina ho vita rarivato ity. Mialohan'ny fanamboarana rehetra dia nisy ny fisokirana ny tatatra, mba hisorohana ny fahatsentsenany mialohan'ny hiavian'ny fotoampahavaratra. Ireo ekipa teknika avy eo anivon'ny boriboritany fahadimy kosa no miantoka ny fahavitan'ny asa. Tanterahina izao hetsika izao ho fanohizana ny tetik'asan-dRamatoa Ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra Lalao Ravalomanana, amin'ny fanamboarana foto-drafitrasa ho an'ny mponina eny ifotony, toy izay efa notanterahina teny Soavimasoandro, Amboditsiry, Ampasampito ary Tsarahonenana.

***Stefa***



*Ny fanamboarana lalankely sy fisokirana tatatra ao amin'ny Boriboritany faha-5.*

## Sakafo Ny Valosoa



**Amalona maina** atao ketsaketsa, na atao rony indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Ny zavatra ilaina: amalona, tongolo be, voatabia, tongolo maitso, menaka kely. **Ny fomba fikarakarana azy** : alona rano ela ny amalona satria be sira be izy rehefa maina. Izany hoe mila alona ny alina sy ny maraina tontolo izay vao karakaraina. Rehefa afaka tsara ny sira dia esorina ao anaty rano dia avela hitsiaka aloha. Mandritra izay dia tetehina ny tongolo be, ny voatabia ary ny tongolo maitso. Hafanaina anaty vilany ny menaka (tsy atao be loatra satria ny amalona matetika matavy sy mitera-menaka, ka sao mahamonamonaina raha be loatra ny menaka). Ny tongolo be no alefa mialoha rehefa mafana ny menaka. Aroharoana mba tsy ho may, ka rehefa mifitsaka dia alefa ny voatabia. Afaka esorina ny voany sy ny hodiny raha izay no mahazatra anao. Rehefa levona tsara ny voatabia vao alefa ny amalona. Tsy asiana sira intsony. Tapohana rano dia avela hiketrika tsara. Hajanona ny afo rehefa mifanaraka amin'izay tiana ny halemin'ny amalona sy ny habetsaky ny rano. Arotsaka ny tongolo maitso dia saromana ao anaty hafanana ao fa tsy atao ambony afo intsony.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny voanatsindrana



Ny soa azo avy amin'ny voanatsindrana indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Manasitrana homamiadana ny voanatsindrana na pok-pok, na cerise de terre. Ireo olona miaina amin'ny rarin-tsaina na harerahana be loatra dia tokony hihinana azy amin'ny antonony satria ny fihinanana azy betsaka koa dia mahamamo.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Manombo Sud any amin'ny distrikan'i Toliara II faritra Atsimo Andrefana

Ny tanànan'i Manombo Atsimo any amin'ny distrikan'i Toliara faha-2, faritra Atsimo Andrefana indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity, lalovan'ny lalampirenena faha7 na RN7. Iva toerana ihany ity tanàna ity satria 11 m no haavony. Vokatra any ny haninkotra isan-karazany. Tanànan'ny mpitrandraka safira ihany koa ity tanànan'i Manombo Atsimo ity.



# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 151), Madagasikara 12 septambra 2019

***Efesiana 1: 15-19** "Ary noho izany izaho koa, rehefa nandre ny finoanareo an'i Jesosy Kristy izay hitan'ny olona masina rehetra, dia tsy mitsahatra misaotra noho ny aminareo ka mahatsiaro anareo amin'ny fivavahako, mba homen'i Jehovah Andriamanitr'i Jesosy Kristy Tompontsika, Rain'ny voninahitra, ho anareo ny fanahin'ny fahendrena sy ny fanambarana amin'ny fahalalana Azy tsara, ary mba hampahiratina ny mason'ny sainareo, mba ho fantatrareo izay fanantenana avy amin'ny fiantsoany sy izay haren'ny voninahitry ny lovany eo amin'ny olona masina, ary ny fihoaran'ny halehiben'ny heriny ho antsika izay mino, araka ny fiasan'ny herin'ny faherezany."*

IZAHO JEHOVAH dia te-hampahafantatra anareo fa ny atao hoe "VAVAKA" dia FANAPAHANA sy FANJAKANA ary HERY fa tsy hala-tahaka na sandosandohana na koa hoe andrakandramana fa fiainan-danitra, fiaraha-miasa amin'ny mponin'ny tany. Izany hoe: tsy mivilivily etsy sy eroa ny vavaka fa miakatra mivantana aty ambony avy eny aminareo eo amin'ny tany ambany. Ka ho anao izay te-handray Famonjena, fiainana io vavaka io sady manapaka ny fanahinao ka aoka hianao hanana fanapahan-kevitra fa tsy miovaova. Satria rehefa mivavaka hianao dia misy "BOKY" avokoa anoratana ny tonom-bavakao. Andramonareo ange fa hahita fandrosoana hianareo ka tsy hisy izay tsy handray andraikitra ny aminao IZAHO JEHOVAH, JESOSY KRISTY, ny FANAHY MASINA ary koa ny ANJELY. Ny vavaka ihany koa no mampiavaka izay mivavaka. Izay mivavaka dia tsy miandry fotoana anankiray arak'izay mety ho heverinao, fa ny vavaka izay atao hoe : fifandraisana AMIKO dia isan'andro, sady azo atao amin'ny fotoana rehetra, tsy mifidy andro koa. Raha ny tiako: ny olona rehetra dia tokony samy manana fotoana ivavahany AMIKO araka ny fahafahany isan'andro fa tsy rehefa misy mahatery toy ny fitadiavan-javatra na manao filan-javatra ny fivavahana, misy koa ny manao ny fivavahana ho fanaronan-keloka sy fanafenana toetra ratsy. Tendremo avokoa izany rehetra izany fa zava-doza. Fiarovana, fiambenana ny fanahy ny vavaka. **Ohabolana 20: 27** *"Jiron'i Jehovah ny fanahin'ny olona, Itsilovana ny efitrefitra rehetra ao am-po."* Ny olona mahery mivavaka, vetivety foana dia mandray avy AMINAY. Toy izao no hafatro JEHOVAH aminareo olombelona. Ny fanahinareo aloha no atsangana, tefena mba ho alitaranay, izany hoe azonay anjakana, iasana, itoerana. Izany hoe **Ohabolana 23: 26** *"Anaka, atolory ahy ny fonao, Ary aoka ny masonao ho faly mijery ny lalako"* Anaka atolory AHY ny fonao, mba ho alitara azonay itoerana ny dikan'izany. Tamin'ny andron'ny Testamenta taloha dia nanorina Alitara teo amin'ny tanàna ny olona, izay midika hoe: nanaiky AHY JEHOVAH ny olona na ny tanàna, indrindra moa raha misy fisehoako na Fanekena vita. **Genesisy 8: 20**[a] *"Ary Noa dia nanorina alitara ho an'i Jehovah"*. **Genesisy 33: 20**. Jakoba tonga tao Sekema izany. ***Eksodosy 17: 15, II Samoela 24: 25***. Ao koa ny Alitara izay ao anaty Fiangonana manana ny asany koa izany sady MASINA. Eo no fanatanterahan'ireo mpanompoko ny TENIKO. Fa ankehitriny kosa, manomboka teo amin'ny fotoana izay nibebahanao dia tafatsangana ao anatinao ny ALITARA ahafahanay mitoetra ao sy miasa ao. **Hebreo 13: 10** *"Isika manana alitara, izay tsy ananan'ny mpanompo ny tabernakely fahefana hihinanana."* Te-hanolo-tsaina anao AHO manao hoe: rehefa mivavaka hianao, tandremo sao mivavaka amin'izay tsy fantatrao fa aoka ho AMIKO irery ihany, arak'izay efa nambarako taminao. Asandrato fotsiny ny vavakao ho hitanay fa anjaranay no miasa ho anao. Aoka ho vita fibebahana hianao vao mangataka fa aza maika. Averiko ihany rehefa vita fibebahana hianao dia tafatsangana ao anatinao ny ALITARA. ALITARA= FANJAKANA. Ka raha ilay FANJAKAKO no ao anatinao tsy miboridana izany, fa feno sady tsy afa-baraka izany. Ry mpivavaka marobe ambonin'ny tany ô! Asandrato fotsiny ny ANARAKO hoe JEHOVAH, Iazao ny momba AHY rehetra, ny momban'i JESOSY sy ny asany ary ny FANAHY MASINA fa tsy mangataka akory hianao dia apetrak'ilay FANJAKANA ao anatinao izay ilainy satria anjara asanay izany. Raha hianao mamantatra ANAY am-bavaka, anjaranay kosa no mamantatra anao sy ny fiainanao, valim-bavaka no tonga eo aminao. Hianao ilay ALITARA sy TEMPOLY. **Efesiana 2: 21-22** *"ao aminy no irafetan'ny rafitra rehetra, mitombo tsara ho tempoly masina ao amin'ny JESOSY Tompo. Ary ao aminy no miaraka aorina koa hianareo ho fonenan'Andriamanitra amin'ny Fanahy."* Aoka ho masina hianareo mba hahafahanay monina sy mitoetra eo aminareo. **Asan'ny Apostoly 17: 24** *"dia JEHOVAH Izay nanao izao tontolo izao sy ny ao aminy rehetra, Izy no Tompon'ny lanitra sy ny tany ka tsy mba mitoetra ao anaty tempoly nataon-tanana,".* Tandremo aza manao vavaka lavareny toy ny an'ny mpihatsaravelatsihy. Midira ao amin'ny efitranonao izay mangingina. **Matio 6: 6** *"Fa hianao kosa, raha mivavaka, dia midira ao amin'ny efi-tranonao, ka rehefa voarindrinao ny varavaranao, dia mivavaha amin'ny Rainao, Izay ao amin'ny mangingina; ary ny Rainao, Izay mahita ao amin'ny mangingina no hamaly anao."* Ary aoka tsy hanao teny foana fa aoka ho tarihin'ny FANAHY MASINA. **Romana 8: 26-27**. Matetika dia mampiady hevitra ny olona ny atao hoe : "FIANKOHOFANA". Tsy misy fiankohofana atao afa-tsy ny mivavaka AMIKO. Hafa ny atao hoe "mitsangana, mandohalika ary miankohoka". Eksodosy ***20: 4-6***. Izay iankohofana tsy maintsy tompoina ka tendremo tsara. ***Eksodosy 23: 24-25***. Mba fantatrareo? Ny trano Fiangonana dia natao toerana ivoriana, iarahana manome Voninahitra AHY sy iderana an'i JESOSY ary ihainoana ny FANAHY MASINA. Toerana iarahana mandohalika sy miankohoka izany. ***Hebreo 10: 25***. Aza manadino ny fiarahanareo miangona. Ny atao hoe miankohoka dia mamelatra lamba hianao ary dia ny loha no amin'ny tany, ny handrina no mitehaka amin'ny tany, izay midika hoe "hianao dia tsinontsinona fa manaiky AHY JEHOVAH tanteraka, matahotra AHY, mino an'i JESOSY sy ny famonjeny ary matoky ny FANAHY MASINA sy ny asany. Atao izany fiankohofana izany indrindra rehefa mandohalika, rehefa misaotra ary aoka hiaraka amin'ny tanana mitsangana. Azonao ampifandimbiasana ireo fihetsika ireo ary aoka ho faranana amin'ny Anaran'i JESOSY ny vavaka ataonao ho fanomezam-boninahitra AZY. ***Apokalypsy 5: 8***.

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandria[22]manitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

**FIANAKAVIANA 52 MAY TRANO TENY ANOSIBE**

## Notoloran'ny CUA sy ny PSHP fanampiana "kit de vivre", "kit scolaire", ary "kit de santé"

Nohon'ny voina izay nitranga nahamaizana trano tetsy Anosibe Voalohany ny 28 Aogositra 2019 lasa teo dia tonga nanolotra vatsy ho an'ireo niarahamboina, tetsy amin'ny Fokontany Anosibe Andrefana voalohany afak' omaly, ny PSHP na ny Private Sector Human Platform: vondronan' ireo Orinasa amin'ny sehatra tsy miankina, izay fantatra fa mpiara-miasa mavitrika amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Maro ny tolotra nozaraina tamin'izany toy ny vatsy sakafo na « kit de vivre » nahitana vary 15 kilao, voamaina 2 kg, menaka 1 litatra ary miampy savony iray; ka nozaraina tamin'ny fianakaviana miisa 52. Ankoatra ireo dia nisy ihany koa ny vatsy ara-pitaovampianarana na ny Kit scolaire, nahitana cahier 5, penisilihazo, fanipihana, penina maro loko ary ny tena zava-dehibe dia ny fanafody, na ny kit de santé, izay ahitana fanafody maro toy ny bétadine, combimal sy actapulgite, izay fanafody anisan'ny raitra tokoa, ka natolotra ho an'ny Boriboritany faha efatra izany. Nisaotra azy ireo ny lefitra faharoan' ny boriboritany faha efatra, Andry Razafindrakoto, izay solontenan'ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana. Marihana fa nanatrika izany teny an- toerana ihany koa ny Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-4, Ramboasalama Emilien sy ny Mpanolotsainan'ny tanàna vitsivitsy. Mbola hitohy hatrany ny fiaraha-miasan' ny roa tonta amin'ny fanaovana asa sosialy ho an'ny mponina, ka ny Alatsinainy izao indray no fizarana andiany faharoa, izay ho tontosaina eny an- toerana ihany.

***Aly***



*Ny fanolorana fanampiana ireo traboina may trano tao Anosibe Andrefana.*

**Boriboritany faha-4 (CUA)**

## Tontosa ny fitsarana hahazoana kopia maimaimpoana ho an'ny ankizy miisa 600

Omaly dia nanatanteraka hetsika kopia faobe indray ny teo anivon'ny Boriboritany faha-4, kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), niarahana tamin' ny Fikambanana Koloaina izay mpiara-miasa akaiky amin'ny boriboritany amin'ny fanaovana asa sosialy, indrindra eo amin' ny sehatra fikarakarana ny sora-piankohonana toy izao. Ny natao omaly dia fitsarana ireo ankizy izay hisitraka izany toy ny fanadihadiana ankapobeny, ny fandraisana ny antotan-taratasy. Marihana fa zaza latsaky ny 12 taona miisa 600 no hisitraka an'izany sora- piankohonana izany, izay efa nandalo ny dingana voalohany dia ny fananana ny antsoina hoe : certificat de recherche fructueuse (CRI) natao tao amin'ny boriboritany, ny fitsirihana ara- pahasalamana na visite somatique niarahana tamin'ny Direction de la Santé et de l'Hygiène (DSH) eo anivon'ny CUA hatrany ary ny farany dia ny famenoana ny fangatahana avy any amin'ny tribonaly sy ny fananana ny fanamarinam-ponenana na certificat de résidence. Afaka 2 volana izy ireo no hisitraka ny fazahoana ny kopia satria mbola miandry ny didy havoakan'ny fitsarana ny famoahana azy. Izao hetsika izao dia ao anatin'ny vinan-dRamatoa Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana amin'ny fanaovana asa sosialy ho an'ny mpiara- belona, hoy ny fanazavan'ny lefitra voalohan'ny delegen'ny Boriboritany faha-4 dokotera Rambolamasoandro Herisoa nandritra izao hetsika izao.

***Aly***



*Ny fitsarana hahazoana kopia maimaimpoana faobe tetsy Anosy.*

TSY FANDRIAMPAHALEMANA

## Jiolahy 5 tratra niaraka tamin'ny basy vita gasy, bala, sy pince lehibe



*Ireo jiolahy tratra teny Andoharanofotsy.*

Jiolahy miisa 5 no tratehaky ny zandary teo anivon'ny kaomandin'ny zandarimariam-pirenena Andoharanofotsy, Antananarivo Atsimondrano, ny fiandohan'ity herinandro ity. Tratra niaraka tamin'izy ireo ny fitaovam-piadiana maro toy ny basy vita gasy, bala, sy pince lehibe. Tranom-barotra iray teny amin'ny kaominina Ambohijanaka teny no lasibatr'izy ireo nandritra ny fanafihana farany nataony. Vokatry ny fanomezam-baovao avy amin'ny olona tsara sitrapo no nahafahana nanaradia sy nisambotra ireto jiolahy ireto, efa teo ampikirakirana ny entana halatra azony ny iray tamin'ireo jiolahy ireo no nisy nahatsikaritra. Nalaky ny fidirana an-tsehatra nataon' ny zandary, ka tsy nanano- sarotra ny fisamborana, rehefa natao ny fanadihadiana dia tratra ny namany miisa 4, niaraka tamin'ireo mpandray ny entana, tratra teny amin'izy ireo koa ny fitaovampiadina toy ny basy vita gasy miisa 2, bala… sy pince lehibe. Misy namany hafa ihany koa karohina amin'izao fotoana izao, mbola tanora ireo jiolahy tratra ireo satria dia 17 taona, ka hatramin'ny 25 taona ny salantaonany. Nambaran'ny kaomandin'ny borigady Andoharanofotsy, fa isan' ireo jiolahy efa mampitondra faisana iny distrikan'Atsimondrano iny izy ireo. Natolotra ny fampanoavana omaly ireo jiolahy ireo. Misarika ny sain'ny mponina ny zandary mba hanamafy hatrany ny fiaraha-miasa, amin'ny alalan'ny fampitam-baovao hainga raha misy ny tranga mampiahiahy.

**Naina**

Zandarimariam-pirenena

## Hotazonina ny dingana tsara vita tamin'ny fitsidihan'ny Papa Francois

Nahomby tamin'ny ankapobeny ny lamina napetraka ho fitandroana ny filaminana nandritra ny fivahinian'i Papa Francois teto Madagasikara, nandritra ny 3 andro hoy ny Jeneraly de Division Andrianjanaka Njatoarisoa, Komandin'ny Zandarimariam-pirenena. Io no nisongadina nandritra ny fanatanterahana tomban' asa nataon'ny EMMONAT sy ny mpiara- miasa amin'izy ireo, tetsy amin' ny Toby Ratsimandrava, Andrefan'Ambohijanahary ny alarobia teo. Nizotra tam-pilaminana avokoa hoy ity tompon'andraikitry ny Zandarimaria ity ny fandrindrana ny fifamoivoizana nanomboka tamin'ny fialan'ireo Mpizaika avy any amin'ny Diosezy Katolika any amin'ny faritra nankaty Antananarivo .Nitohy tamin'ny fitsenana an'i Papa Francois teny Ivato ary mbola voatazona izany fifehezana ny filaminana izany tamin' ny fampidirana sy famoahana olona teny amin'ny Soamandrakizay ny 08 Septambra 2019 lasa teo. Tsy nijanona ny ezaky ny mpitandro filaminana hoy ity Komandin'ny Zandarimaria ity tamin'ny fampodiana an'ireo mpizaika any amin'ny faritra niaviany. Nanohy nanazava ny Jeneraly de Division Andrianjanaka Njatoarisoa, fa tsy nahasakana ny fisian'ireo lozam-pifamoivoizana madinika tany amin'ny Distrikan'Ambanja sy ny Distrikan'Ambositra, izay naharatràna mpandeha vitsivitsy kanefa kosa tsy namoizana ain'olona. Voaresaka ihany koa hoy ity Komandin'ny Zandarimaria ity ny fampidirana Hopitaly an' ireo olona 16 tetsy amin' ny Soamandrakizay nohon'ny fiakaran'ny vovoka, ka nahafatesana olona iray nohon'ny faharatsian'ny toem-pahasalaman'ity farany. Nankasitraka sy nisaotra an'ireo Mpitandro filaminana sy ny mponina eto Antananarivo ny tompon'andraikitry ny Filaminana tamin' ny fahendrena sy fiarahamiasa nasehon'izy ireo nandritra ny fivahinianan'i Papa Francois teto Madagasikara.

**Franck Razakambelo**

Andromay Miandrivazo

## Omby 12 tafaverina amin'ny tompony noho ny ezaky ny tafika sy ny fokonolona



*Ny sasany amin"ireo omby tafaverina.*

Tafaverina ny omby 12 nangalarina tao amin'ny fokontany Andromay distrikan'i Miandrivazo, faritra Menabe, izany dia tao aorian'ny fanarahan-dia nataon'ny miaramila ao amin'ny ZRPS_Bravo ny fiandohan'ity herinandro ity. Nanampy ny fokonolona tamin'ny fanarahan-dia an'ireo dahalo ireo miaramila miasa any antoerana ireo. Vaky nandositra ireo jiolahy mpangalatra omby nahita ny fahavononan'ireo fokonolona sy ireo avy amin'ny tafika any an-toerana nanaradia.

**Ny Valosoa**

Sambava

## Olona miisa 5 voasambotra niaraka tamin'ny rongony 13 kg

Rongony 13,5 kg sy jiolahy 5: vehivavy ny iray no saron'ny Zandary avy ao aminny GAPJ Sava tao Sambava afak'omaly. Vaovao marim-pototra avy tamin' olona tsara sitrapo no nahafahana nanao ny paik'ady rehetra, ka nisamborana azy ireo ary sarona tamin'izany ny rongony milanja 13.5kg.

Omaly no nandorana ampahibemaso ireo rongony ireo tany amin'ny tora-pasik'Ampandrozonana Sambava, nanatrika izany ny sefo fokontany Ambatofitatra, fokontany Antaimby Avaratra ary ireo solontenam-pokonolona ao Ampandrozonana. Mitohy ny famotorana ireo olon-dratsy ary hatolotra ny fampanoavana aoriana kely.

**Ny Valosoa**



*Ireo olona tratra, niaraka tamin'ny rongony nentiny tany Sambava.*

Ranohira

## Tratra ireo jiolahy mpanakan-dalana amin'ny lalam-pirenena


Dahalo telolahy mpanakan-dalana amin'ny lalana mampitohy an' i Beroroha sy Ranohira sy amin'ny lalampirenena, tao amin'ny tanànan' Ambakitany Fokontany Andriamanero Kaominina Ranohira, distrikan' Ihosy no tratran'ny Zandary sy ny Polisy ao Ranohira tamin'ity herinandro ity. Nanakana kamiao mpitatitra ireto jiolahy ireto tamin'izao asy ratsy farany nataony izao, mialohan'ny nahasaronana azy, afaka niantso mpitandro filaminana ireo voatafika, izay tonga haingana tamin'ny toerana, ka nahasaronana ireto mpanao ratsy ireto.

**Naina**



*Ireo jiolahy, saron'ny zandary sy polisy tany Ranohira.*

SARIITATRA : Variana midehaka ny fitondrana Rajoelina nefa tsy hita izay vita




Randrianaina Odon Marius

## Voatendry ho Seketera jeneralin'ny Vaomieran'ny kitra misahana ny tanora



Tafatsangana omaly ny biraon'ny Vaomieran'ny kitra misahana ny tanora « Commission football des jeunes », ka Randrianaina Odon Marius no voatendry ho Sekretera jeneralin'izany Vaomiera izany, eo ambany fiahian'ny Federasiona malagasy ny baolina kitra (FMF). Mivoha malalaka ho an'ny fikambanan'ny tanora manana klioba, na koa ho an'ireo toeram-panofanana, ka liana ho amin'ny fampiroboroboana ny kitra malagasy ny Vaomiera. Eo ihany koa ny fijerena izay azo atao ho an'ireo klioba manana ny sokajin-taona latsaky ny 20 taona. Laharam-pahamehan'ny Vaomiera ihany koa ny famerenana ireny fifaninanam-pirenena eo amin'ny sokajy zandriny ireny. Na dia eo aza izany fanamby rehetra izany dia tsy afa-miala amin'ny fiaraha-miasa amin'ny FMF ny Vaomiera. Efa-taona ny faharetan'ny fe-potoam-piasan'ity Vaomiera ity.

**Lita**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**07/09/19 hatramin'ny 14/09/19**

- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
- **MAHAFALY** (Près Terminus 165 Mahatony Ivandry) 034 10 937 11
- **PROVIDENCE** (Andohan'Analakely près ex cinema Rex) 020 22 547 49
- **RALISON** (Antanimena) 020 22 226 14
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 020 24 570 38/034 64 838 61
- **ANDOHATAPENAKA** (Route FDC près station Galana) 020 22 670 70/ 034 02 670 70/032 12 670 70

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 953-09-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**PROFESORA SAMY GREGOIRE**

# Mampisavorovo ny eny amin'ny Oniversite ny fitondram-panjakana



Tsy hihodina intsony ny Oniversite sy ny Foibem-pikarohana eto Madagasikara, nohon' ny fanapahan-kevitra raisin'ny fitondram-panjakana amin'ny alalan'ny Ministeran'ny fampianarana ambony, hoy ny Profesora Samy Gregoire, Filohan'ny Seces Sampana Antananarivo. Takiana hoy izy ny fanarahan-dalàna eo amin'ny fanatanterahana fikarohana eny anivon'ny Oniversite satria namoaka naoty ny Ministera mpiahy fa mihantona ny fanaovana seho karoka "Thèse Doctorat" eny amin'ny Oniversite manerana ny Nosy. Manaraka izany malalaka ny Mpampianatra Mpikaroka sy Mpikaroka Mpampianatra amin'ny toerana izay alehany amin'ny fanatanterahana ny asa fampianarana amin'izao rafitra "Système LMD" izao, kanefa tsy maintsy mahazo fankatoavana avy amin'ny Sekretera Jeneralin'ny Ministeran'ny Fampianarana ambony ireo Mpampianatra mpikaroka sy Mpikaroka Mpampianatra, rehefa mamita iraka any amin'ny Distrika, Faritany na hivoaka any ivelan'i Madagasikara. Nanohy nanazava ity Mpitarika ny Seces Sampana Antananarivo ity, fa sakantsakana amin'ny fanatanterahana ny asan'ny Mpampianatra ny fakana alalana amin'ny Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta ho an'ny Mpampianatra Mpikaroka sy Mpikaroka Mpampianatra nahazo fanasana avy amin'ireo Oniversite any ivelany, ka hivoaka an'i Madagasikara. Ankoatra izany, nilaza ny Profesora Samy Grégoire, fa tsy misy teritery ny asan'ny Mpampianatra Mpikaroka sy Mpikaroka Mpampianatrana, kanefa namoaka naoty ny Ministera Mpiahy, fa tsy mahazo manohy ny asa fikarohana intsony ny "Assistant de recherche" rehetra ary tsy mahazo "Maintien"na fanohizana ny asa fikarohana aorian' ny 60 taona ny Mpampianatra rehetra sy ny "Maitre de conference", raha tsy mandalo fanadihadiana lalina. Betsaka ny zavatra tsy mandeha amin' ny laoniny ataon'ny Ministeran'ny Fampianarana Ambony hoy ny Filohan' ny Seces Sampana Antananarivo, ao anatin'izany ny tsy fanarahana ny zavatra notapahina niaraka amin'ny Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta teny amin'ny Lapan'i Mahazoarivo ny 14 Aprily 2019 lasa teo, mikasika ny famahana ny fitakian' ny Mpampianatra Mpikaroka taorian'ny hetsika nataon'ireto farany nandritra ny 7 herinandro. Manoloana ny zava-misy dia efa heno fa manatanteraka fivoriana ny Seces Toliara, ny Seces Fianarantsoa, ny Seces Toamasina, mandinika akaiky manoloana ny tsy fandehan-draharaha eny anivon'ny Oniversite, ka mbola ho hita eo ny tohin'izany.

***Franck Razakambelo***

Orinasa mpanao lalana

# Tsy nanome ny karaman'ireo mpiasa miisa 28 nandritra ny 3 volana


Azo lazaina ho fanandevozana vaovao no nisy nataona orinasa mpanao lalana iray tany Avaratry ny Nosy tany. Na ny sarandalana hodiana aza saika tsy azon'ireo mpiasa. Mpiasa maromaro avy any Faratsiho, Antsirabe, Mandoto, Fianarantsoa,… no nentin'ny orinasa iray nankany Antsiranana, hanao asa lalana. Telo volana niasana izy ireo, mitaraina ho tsy nandray karama. Andraso lava no valintenin'ny mpampiasa rehefa mitaky ny valin-kasasarany ireo mpiasa. Nanambana ny hitokona ireo mpiasa, ary saika handoro ireo fitaovana, toy ny fiaran'ny orinasa, vao nisy vola kely azo. Tapa-kevitra ireo mpiasa fa hiala satria nanomboka nahatsapa fanararaotana izy ireo. Teo no tena olana ho azy ireo, satria na sarandalana hodiana aza saika tsy azo.

Nanao dia an-tongotra nandritra ny 13 ora ireo mpiasa, niala tany amin' ny toerana niasana vao tonga tao Antsiranana renivohitra, nandray fiara taksiborosy nihazo an'Antananarivo. 28 lahy izy ireo, ny sasany mbola tany aoriana, nisy nandraiky narary. Izay hahatongavana eo anivon'ny fianakaviana, tsy maty fo aman'aina no zava-dehibe taminy.

***Aly***



*Lalana any amin'ny tapany avaratry ny Nosy iny.*




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0291)

***Mitsivalana***
- Faranana
- Omena - As
- Misaraka
- Anana
- Koa (Miv) - To
- Sa - Rava
- Fy - Natao

***Mitsangana***
- Fomba
- Amy - Osy
- Resaka
- Nana (Miv)
- Naratra
- Taona (Miv)
- Naka
- Va(ry)
- Asa - Hao

## TENY MIFANARAKA N° 292

| | A | B | D | E | F | G | H | I | J | K |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | | | | ■ |
| 2 | | ■ | | ■ | | | | ■ | | |
| 3 | | | | | | | | | | |
| 4 | | | | | | ■ | | | | |
| 5 | | | | ■ | | | | | ■ | |
| 6 | ■ | | ■ | | | | | ■ | | |
| 7 | | | ■ | | | | | | | |
| 8 | | | | ■ | | ■ | | | | ■ |
| 9 | | | | | ■ | | | | | |
| 10 | | | | | | ■ | | | | |

**Mitsivalana**

**1.** Tsy voabata **2.** Vizana - Efatra romana **3.** Mitsingevana an-drano **4.** Rango-pohy fanamarinana - Faly (Miv) **5.** Filazam-potoana - Tsy fahasalamana **6.** Dimy sy roa - Ao amin'ny vata **7.** Taova (BR) - Vazan-tany (BR) **8.** Tampisaka - Eo amin'ny tarehy (BL) **9.** Ratsy masaka (BL) - Fanontaniana **10.** Rano mikoriana - Kilalao misy vola (Miv)

**Mitsangana**

**A.** Filaharana - Omby (Miv) **B.** Marihany **D.** Loza - Heloka **E.** Mpanoritra - Solfa - Feo miverina (BR) **F.** Sakamalao **G.** Tovana - Mpanondro toerana (Miv) **H.** Tsioka, tsoka **I.** Vokatra any Ankaratra - Teny fanamafisana (Miv) **J.** Hery sy tanjaka - Asaly **K.** Fotaka (BR) - Naoty (Miv)

## Valiny Teny mifanaraka 0291

Mitsivalana

1. Fihavanana 2.Inetin (Niteny) - Ao 3. Voninkazo 4. Anovaim (Maivana) - La 5. Vai(y) - NZ - Iar (Ray) 6. Tia - Na 7. Hiaro - Ozat (Tazo) 8. Ar (Rà) 9. Natahorana 10. Avo - Anarat (Torana)

Mitsangana

A- Fivavahana B. Inona - Irav (Vary) D. Henoina - To E. Ativ (Vita) - Roa F. Vinanto - Ha G. Ankizi - On (No) H. Am (Ma) - Aotra I. Ar J. Naolana - No K. Ao - Aratnat (Tantara)

Randriamasinoro Tahiry Ny Rina, kandidà Ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra avy amin'ny antoko TIM

